



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

Ireo Fahagagana Nataon'i Jesosy – Les Miracles de Jesus

Alatsinainy 29 jiona 2020
Lundi 29 juin 2020

**Ireo Fahagagana Tao Kapernaomy (Lio. 4, 31-44)
– Les Miracles a Capharnaüm (Luc 4, 31-44)**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY : Aoka hiaraka hivavaka isika rehetra – *Prions ensemble :*

Teny fampidirana – Introduction : Ry havana – *Chers frères et sœurs :*

Hira (Chant) chorale : Mialoha izany anefa dia andeha isika, ry havana, hihaino hira chorale iray – *Chers frères et sœurs, écoutons un chant chorale :* **Katsaho aloha.**

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Lio. (Luc) 4, 31-37 :

31 Ary nidina tany Kapernaomy, tanàna any Galilia, i Jesosy ka nampianatra ny olona tamin'ny Sabata. 32 Dia talanjona ny olona tamin'ny fampianarany satria nisy fahefana ny Teniny. 33 Ary nisy olona tao amin'ny synagoga, izay nanana ny fanahin'ny demonia maloto, dia niantso tamin'ny feo mahery izy 34 ka nanao hoe : « Indrisy, moa mifaninona akory izahay sy lanao, ry Jesosy avy any Nazareta ? Avy handringana anay va lanao ? Fantatro fa ilay Masin'Andriamanitra lanao ». 35 Fa i Jesosy niteny mafy azy ka nanao hoe : « Mangina ianao, ka mivoaha aminy ». Ary ny demonia, nony namotraka azy teo afovoan'ny olona, dia nivoaka taminy, nefa tsy naharatra azy. 36 Ary talanjona avokoa izy rehetra ka niresaka hoe : « Manao ahoana izao Teny izao fa amin'ny fahefana sy ny hery no andidiany ny fanahy maloto, dia mivoaka ireo ! 37 Ary niely teny amin'ny tany manodidina rehetra ny lazany.

31 Il descendit à Capernaüm, ville de la Galilée, et Il les enseignait le jour du Sabbat. **32** On était frappé par son enseignement, car Il parlait avec autorité. **33** Dans la synagogue se trouvait un homme qui avait un esprit démoniaque impur. Il s'écria d'une voix forte : **34** « Ah ! Que nous veux-Tu, Jésus de Nazareth ? Es-Tu venu pour nous perdre ? Je sais qui Tu es : le Saint de Dieu ». **35** Jésus le menaça en disant : « Tais-toi et sors de cet homme ». Le démon jeta l'homme au milieu de l'assemblée et sortit de lui sans lui faire aucun mal. **36** Tous furent saisis de frayeur, et ils se disaient les uns aux autres : « Quelle est cette parole ? Il commande avec autorité et puissance aux esprits impurs, et ils sortent » ! **37** Et sa réputation gagna toute la région.

Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 : Ny fahefan'ny Tenin'i Jesosy Kristy – L'autorité de la Parole de Jésus-Christ :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika mba - *pour notre foyer pour que* : handray ny Tenin'i Kristy manambara ny Famonjeny ny ankohonantsika – *chaque membre de notre foyer reçoive la Parole du Christ qui annonce son Salut*
- ho an'ny Fiangonana mba – *pour l'Eglise pour que* : hanome fahefana ny Tenin'i Kristy amin'ny fiainany ny kristiana tsirairay – *chaque chrétien accepte l'autorité de la Parole de Jésus dans sa vie*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, ny fahefan'ny Teninao no ataovy mamaritra ny fiainanay, mba tsy ho anarana fotsiny no iantsoana anay ho kristiana fa mba ho tena fiainanay izany. Afaho amin'izay mangeja anay izahay mba hahazoanay miaina araka ny Sitraponao, fa ny Teninao dia mampianatra anay fa « raha ny Zanaka no hahafaka anareo dia ho afaka tokoa ianareo » (Jao. 8, 36) – *Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, fais agir dans notre vie la puissance de ta Parole, pour que nous ne portions pas seulement le nom de chrétiens mais que cela soit une réalité dans notre vie. Libère-nous de ce qui nous accable afin que nous puissions vivre selon ta Volonté, selon ta Parole qui nous dit que « si donc le Fils vous libère, vous serez réellement libres » (Jn 8, 36).*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, amen ! – *Au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ, amen !*

Hira (Cantique) 623, 1-2 : Mba omeo ahy :

1. Mba omeo ahy fo madio kokoa
Afaka ahiahy, ho Anao tokoa.
Izaho dia malaina, ô mba hafanao re
Mba hikely aina hahefako be.
2. Mbola manangoly ny fakam-panahy
Ao koa ny devoly ta-hamotraka ahy.
Tompo ô, ampio ny mpanomponao izao,
Ary mba tafio herim-po vaovao.

Teksta 2 – Texte 2 : Lio. (Luc) 4, 38-41 :

38 Ary nony nitsangana niala tao amin'ny synagoga i Jesosy, dia niditra tao an-tranon'i Simona. Ary azon'ny tazo mafy ny rafozambavin'i Simona, ary izy ireo nangataka taminy hahasitrana azy. 39 Dia nitsangana teo akaikiny Izy, ka noteneniny mafy ny tazo, dia niala tamin-dravehivavy izany. Ary nitsangana niaraka tamin'izay izy ka nanompo azy ireo. 40 Ary raha nilentika ny masoandro, ny olona rehetra izay nanana marary tamin'ny aretina samy hafa dia nitondra azy teo Aminy. Ary dia nametra-Tanana tamin'izy rehetra tsirairay Izy ka nahasitrana azy. 41 Ary nisy demonia nivoaka tamin'ny maro ka niantso hoe : « Ianao no Zanak'Andriamanitra ». Nefa norarany ireo ka tsy navelany hiteny, satria nahalala Azy ho Kristy.

38 En sortant de la synagogue, Il se rendit à la maison de Simon. La belle-mère de Simon avait une forte fièvre et on Lui demanda d'intervenir en sa faveur. 39 Il se pencha sur elle, menaça la fièvre, et la fièvre la quitta. Elle se leva immédiatement et se mit à les servir. 40 Au coucher du soleil, tous ceux qui avaient des malades atteints de diverses maladies les lui amenèrent. Il guérit chacun d'eux en posant les Mains sur lui. 41 Des démons aussi sortirent de beaucoup de personnes en criant et en disant : « Tu es [le Messie], le Fils de Dieu ». Mais Il les reprenait sévèrement et ne leur permettait pas de parler, parce qu'ils savaient qu'Il était le Messie.

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 : Ny fahefan'i Jesosy eo amin'ny fanasitranana – La puissance de Jésus dans les guérisons :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ireo sahirana mba - *pour ceux qui sont dans des difficultés pour que* : hikatsahan'izy ireo ny Fanjakan'ny Lanitra mialoha ny zavatra rehetra ka handraisany ny Famonjen'i Jesosy Kristy – *ils cherchent le Royaume des Cieux avant toute chose et qu'ils accueillent le Salut de Jésus-Christ*
- ho an'ny kristiana mba – *pour les chrétiens pour que* : hanaiky hianatra amin'i Kristy izy ka hanaiky izay omen'ny Tompo azy – *ils apprennent sur le Christ et qu'ils acceptent ce que le Seigneur leur donne dans sa Grâce*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Tompo ô, ampianaro ny lalanao izahay. Omeo anay ny hianatra hiaramitondra zioga amin'i Kristy mba hahazoanay miara-mamindra Aminy. Kasiho ny fonay mba hiverenanay eo Aminao ka hialanay amin'ny fahazaran-dratsinay sy ny lova ratsy napetraka taminay – *Seigneur notre Dieu, apprends-nous ton chemin. Accorde-nous d'apprendre à porter le même joug que le Christ pour que nous puissions avancer avec Lui. Touche nos cœurs pour que nous retournions vers Toi et que nous abandonnions nos habitudes que Tu n'agrées pas amis également les mauvais héritages qu'on a mis sur nous.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay nitsangana tamin'ny maty ka efa « nomena[o] ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany », no anaovanay izany vavaka izany. Amen ! – *C'est au Nom de Jésus-Christ, le Ressuscité, à qui Tu as donné « tout pouvoir dans le ciel et sur la terre » que nous faisons cette prière. Amen !*

Hira (Cantique) 623, 3-4 : Mba omeo ahy :

3. Atolory ahy zotom-po sy hery,
Fahendrem-panahy, fo mahay mietry.
Ampianaro aho mba hanolo-tena,
Ka mba hatanjaho ny finoako.
4. Dia hamasino ny saiko, ry Tompo !
Ka omeo fo mino, fo mahay manompo,
Fo mahay mihafy, fo miravoravo,
Na dia voa mafy, fo toy ny Anao.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Lio. (Luc) 4, 42-44 :

42 Ary nony maraina ny andro, dia niala i Jesosy ka nankany an-tany foana. Ary ny vahoaka nitady Azy, dia nankeo Aminy ka te-hihazona Azy mba tsy hialany tao aminy.
43 Fa hoy izy taminy : « Tsy maintsy mitory ny Teny soa mahafaly ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra any amin'ny tanàna hafa koa Aho, satria izany no nanirahana Ahy ». 44 Ary Izy nitoriteny tao amin'ny synagoga eran'i Galilia.

42 Quand il fit jour, Il sortit et se retira dans un endroit désert. Une foule de gens se mirent à sa recherche et arrivèrent jusqu'à Lui. Ils voulaient Le retenir afin qu'Il ne les quitte pas 43 mais Il leur dit : « Il faut aussi que J'annonce aux autres villes la Bonne Nouvelle du Royaume de Dieu, car c'est pour cela que J'ai été envoyé ». 44 Et Il prêchait dans les synagogues de la Galilée.

Fanamarihana 3 : – Commentaires 3 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika mba – *pour nos dirigeants pour que* : hanaikeny fa Andriamanitra no tompon'ny fahefana iandraiketany ka hiainany izany fahefany izany araka ny Sitrapon'Andriamanitra – *ils acceptent l'idée qu'ils tirent leur pouvoir du pouvoir de Dieu et qu'ils vivent leur responsabilité selon la Volonté de Dieu*
- ho an'ireo mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que* : hahazo hery amin'ny fanatanterahana ny iraka ampanaovin'ny Tompo azy izy ka handray izany ho tombony eo amin'ny fiainany – *ils soient réconfortés par la réalisation de la mission que le Seigneur leur a confié et qu'ils prennent conscience de ce privilège dans leur vie*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Tompo ô, raha ekenay ny Asanao dia ho tombony ho anay mandrakariva ny firaisana Aminao. Ampianaro ny fonay izany, Tompo ô, satria izahay indraindray dia mihevitra ny

Asanao ho adidy mavesatra, mampi-te hitsoaka indrindra raha sendra tafio-drivotra na tratry ny hakiviana, kanjo tombom-pitiavana avy Aminao izany. Amin'izay iainanay zanakao izany Asanao izany, dia omeo anay ny hitandrina ny ondrinao araka ny Sitraponao – *Seigneur, si nous acceptons ton œuvre dans notre vie, alors nous vivrons la communion avec Toi comme un avantage. Apprends cela à nos cœurs, Seigneur, parce que, parfois, nous pensons que ta mission est trop dure à vivre et parfois nous sommes tentés d'abandonner à cause des épreuves ou de la lassitude, alors que ce sont des pluies d'expressions d'amour venant de Toi. Quand nous, tes enfants, réalisons la mission que Tu nous as confiée, donne-nous de veiller à tes brebis selon ta Volonté.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana, Mpamonjy anay, no angatahanay izany Aminao, amen ! – *C'est au Nom de ton Fils unique, Jésus-Christ, notre Sauveur que nous Te demandons cela, amen !*

Hira (Cantique) 171 , 1 sy (et) 3 : I Jeso, Mpanjaka malaza :

1. I Jeso, Mpanjaka malaza, no Tompo Mpanjakanay,
Mahery sy tsara indrindra, ka lzy no aronay.
Mendrika hankalazaina noho ny heriny,
Eran-tany sy lanitra koa ny zo aman-dazany.

Fiverenana : Ry Tompo Mpanjaka mahery ô, mihainoa ! Mihainoa !

Avy manaiky tokoa izahay fa Tompon'ny hery rehetra lanao,

Tsy misy mihitsy ny toa Anao, tsy tratry ny saina ny Herinao.

Ny fiderana izay entinay, raiso re, raiso re !

Ny Haja atolotra Anao ety, Raiso izao !

3. Tompo, Mpanjaka Tsitoha, kanefa be indrafo,
Deraina eram-po, eran-tsaina, deraina mandrakizay.
He, ny mpanompo voavonjy samy mihoby hoe :
« Haleloia ho amin'ny Avo, fa i Jeso no Tomponay ».

FANDRAVONANA SY FAMPAHEREZANA – CONCLUSION ET EXHORTATION :

Teksta – Texte : Ephés. (Ephés.) 5, 1-10 :

1 Koa amin'izany dia aoka hanahaka an'Andriamanitra ianareo tahaka ny zanaka malala. 2 Ary mandehana amin'ny fitiavana, toy ny nitiavan'i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny Tenany ho fanatitra sy ho fanavotana [Na : fanatitra alatsa-dra] amin'Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana, hamonjy antsika.

1 Soyez donc les imitateurs de Dieu, puisque vous êtes ses enfants bien-aimés. 2 Et vivez dans l'amour en suivant l'exemple de Christ, qui nous a aimés et qui s'est donné Lui-même pour nous comme une offrande et un sacrifice dont l'odeur est agréable à Dieu.

3 Fa ny fijangajangana sy ny fahalotoana rehetra, na ny fieremana, dia aza hotononina eo aminareo akory aza, fa tsy mahamendrika ny olona masina izany, 4 na fahavetavetana, na resaka fahadalana, na vosodratsy, izay tokony hatao, fa aleo misaotra. 5 Fa fantatrareo marimarina, fa samy tsy manana lova eo amin'ny Fanjakan'i

Kristy sy Andriamanitra na ny mpijangajanga rehetra, na ny olom-betaveta, na ny olona mierina (mpanompo sampy izany).

3 Que l'immoralité sexuelle, l'impureté sous toutes ses formes ou la soif de posséder ne soient même pas mentionnées parmi vous, comme il convient à des saints. 4 Qu'on n'entende pas de paroles grossières, de propos stupides ou équivoques - c'est inconvenant - mais plutôt des paroles de reconnaissance. 5 Vous le savez bien en effet, aucun être immoral, impur ou toujours désireux de posséder plus - c'est-à-dire idolâtre - n'a d'héritage dans le Royaume de Christ et de Dieu.

6 Aza mety hofitahin'olona amin'ny teny foana ianareo fa izany zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny zanaky ny tsi-fanarahana. 7 Koa aza mety ho mpiombona aminy ianareo. 8 Fa maizina ianareo fahiny fa efa mazava ao amin'ny Tompo kosa ankehitriny : mandehana tahaka ny zanaky ny mazava 9 (fa ny vokatry ny mazava dia ao amin'ny fahatsarana rehetra sy ny fahamarinana ary ny fahitsiana), 10 mamantatra izay ankasitrahan'ny Tompo.

6 Que personne ne vous trompe par des paroles sans fondement, car c'est pour cela que la colère de Dieu vient sur les hommes rebelles. 7 N'ayez donc aucune part avec eux, 8 car si autrefois vous étiez ténèbres, maintenant vous êtes lumière dans le Seigneur. Conduisez-vous comme des enfants de lumière! 9 Le fruit de l'Esprit consiste en effet dans toute forme de bonté, de justice et de vérité. 10 Discernez ce qui est agréable au Seigneur.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Hira (Chant) chorale : Andeha isika, ry havana, hihaino hira chorale iray – *Chers frères et sœurs, écoutons un chant la chorale :* **Fantatro izay inoako.**

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !